## Ahoana fomba famokarana doria bajiry izay ho aparitaka aveo ?

### Safidy ny toerana famokarana doria :

Raha hisafidy ny toerana hanaovana ny famokarana doria dia tsara raha any amin'ny mpamboly efa mampiasa ny agroekolojika :

1. Mila toerana be velarana mahazaka **2000 fototra** farafahakeliny.
2. T**sy mety vao tany avy nisy bajiry teo aloha** na ihany koa nisy apemba na katsaka, mba ialana fitombon'ny bozaka arema(striga) ary ihany koa ireo biby kely fahavalon'ny voly
3. Mila toerana mitokana eo amin'ny 1**00 m manodidina amin'ny tanin'ny bajiry hafa** (fitsipikan'ny SQD izay entitra amin'ny famokarana doria R1 aty Androy).

### Fenitra ilaina amin'ny mpamokatra doria :

**Olona mahay tsara momba ny karazana bajiry, ny aretina sy ny biby fahavalon**'ny voly. Manam-potoana betsaka amin'ny fanarahamaso akaiky ny saha famokarana doria indrindra alohan'ny famelanana. Olona azo itokisan'ireo mpiaramonina amin'ny maha mpamokatra doria matihanina azy. Azo tsidihan'olona rehetra ny toerana famokarana doria.

### Fomba famokarana doria :

Ireo **fomba fanao tsara agroekolojika** dia tsara ampiharina amin'ny famokarana doria. Ankoatra'ny ahazoana sakelika maro, indrindra ireo miakatra aloha , ary noho izany mamela ny fifampivadiana eo amin'ireo bajiry malady sy tareky, **ilaina ny famelana ny ho fototra iray isaky ny lavaka** 2-3 herinandro aorian'ny fitsiriny. Mora kokoa ny mijery izay fototra hafa karazana (hors-type) amin'izy io tsirairay io.

### Famantarana ireo fototra hafa karazana :

Noho ny fihanaky ny vovobony , **ny bajiry dia mampiseho fahasamihafana matanjaka eo aminy hita maso amin'ny toetra tsy mitovy** , salohy,ny faharetan'ny fiakarany , ny halavan'ny taho , sns , izay mamaritra ny karazana iray. Raha sendra misy fototra iray ahitana toetra tsy maneho ny ireo toetra mampiavaka ny karazana bajiry iray, dia fototra hafa karazana izy zay (hors-type). Ny tena mila jerena indrindra dia : ahavony , halava sy haben'ny salohy sy ny fisian'ny volombava , lokon'ny vony , halavan'ny elanalena eo amin'ny toniny ary fisian'ny volo amin'ny toniny.




Fandraisana anjara miaraka ho fanatsarana ny karazana Apemba sy Bajiry

# Famokarana doria-na bajiry tsara kalitao

### Ny bajiry dia voly natao any amin'ny toerana saro-pamokarana:

Tsy ampy orana, mafana be loatra, tany torapasika, matetika tany tsy mamokatra... Nefa ny bajiry dia mety tsara any amin'ny toerana mety amin'ny voly rehetra. Betsaka ireo karazana bajiry izay mety amin'ny toetany samihafa ary misy natao hakana voa na taho(vilona). Mbola mitondra otrikaina ambony be koa ny bajiry mihoatra ny katsaka sy ampemba.

Mba hitsinjovana ny tombontsoan'ny mpamokatra ity voly be otrikaina mahazaka toetany ity , dia tena tsara raha ireo karazana bajiry efa misy eo an-toerana mba ho hisy foana hoan'ny mpamboly.



## INONA IREO TOETRA MAMPIAVAKA NY KARAZANA BAJIRY IRAY ?

Fantatra amin'ny **lokon'ny voa** (volon-davenona,fotsy na mavo) ny karazana bajiry, **ny lanjan'ny voa** (1000 isa voa milanja eo amin'ny 5 g hatramin'y 20 g), **ny endrika**, **ny habeany**, **firandrana ny halavan'ny salohy** ary koa ny fisian'ny **rambo na volo na tsia**.

Eto Madagasikara, ny karazana bajiry misy dia manodidina ny 1.5 hatramin'ny 2.5m ny ahavony ary eo amin'ny 65 sy 90 andro eo ny fiakarany.

Ny **lokon'ny tonony**, **soritry ny ravina**, **ny endriky lahim-bony** ary ihany **koa ny fipetraky ny ravina na ny tonony** dia isany mamaritra ny karazana iray.

- Tsara tsindrina kely fa tsy miaramamelana ny bajiry, izay mampihena ny fiantraikan' ny haintany, ny hafanana be loatra na ny orana be loatra izay mety hitranga isan-taona
- Ny fahazoana vokatra tsara amin'ny bajiry dia miankina amin'ny fahazakany ny zava-misy (toetany, toetrandro) fa koa ny **fahasamihafana eo amin'ny fototra rehetra** ao amin'ny karazana iray izay misy ireo toetra ireo.

## NAHOANA NO ZAVA-DEHIBE NY FAHASAMIHAFANA EO AMIN'NY ZAVAMANIRY AO AMIN'NY BAJIRY?

Ny bajiry dia voly misy vovobony mivady izay ny rivotra no manamora izany. Ny karazana bajiry dia ny ankamaroan'izy ireo dia maneho **fahasamihafan'ny tsirairay mitovy karazana**, hita amin'ny fotoanan'ny famelanana, endriky ny salohy, ny halavan'ny fototra,sns...

Io fahasamihafana io dia afahan'ny karazana bajiry **miantoka ny famokarana na eo aza ny toe-javatra sarotra sy miovaova izay mety hitranga eo antoerana**, toy ny maintany, hafanana, rivotra,tsy famokaran'ny tany izay miovaova, fisian' ny fahavalon'ny voly(vorona,bibikely).

Misoroka ny fahapotehan'ny karazana koa io fahasamihafana io, toy miiaro amin'ny fahaverezan' ireo toetra manandanja na fihenan'ny vokatra, na dia aorian'ny fampitomboana nitsingerina maro aza.

Ao amin'ny bajiry, ny voa dia azo taorian'ny fampivadiana ny vony vavy (jereo ny sary n°1) amin'ny vovombony nivoka tamin'ny vony lahy (jereo ny sary n°2).

Ny vavim-bony dia mamoaka felana alohan'ny lahim-bony somay lavalava fotsy. Noho izany, ny vovobony avy amin'ny salohy hafa dia miteraka amin'ny vavim-bony hafa efa mamelana : ka antsoina hoe 'allofécondés'. Mety ho hisy fototra mahavita tena koa nefa antsoina hoe « autofécondation » izany hoe fototra iray ahitana ny vovom-bony avy lahim-bony mifindra.

- Fa ny « **allofécondation** (fivadiana vovombony lahy avy fototra hafa amin' ny vavim-bony avy amin'ny fototra)» **eo amin'ny fototra bajiry no miantoka fasahamihafana ao anatin'ny karazana bajiry iray** sy ny fahavokarany

## AHOANA NY ATAO MBA HITAZOMANA NY TAHAM-PAVOKARAN' NY BAJIRY?

Mba hitazomana ny taham-pavokarana ny karazana bajiry dia halaviro fivadiana eo ami'ny samy izy mianakavy mba hitazomana ny fahasamihafana eo amin'ny bajiry mitovy fiavina.

Tokony ho hisy foana ny « allofécondation » **eo amin'ny fampitombona ny doria**, noho izany ny fivadiana eo amin'ny samy bajiry dia tsy tokony avy amin'ny fianakaviana iray (= fampiasana doria azo avy amin'ny fototra iray, izany hoe iray reny fa ray samihafa). Amin'ny fampitomboana doria dia tandremana mba tsy hohisy bajiry iray fianakavina hanjaka fa mampitombo fivadiana eo amin'ny samy izy mianakavy.

- **100-200 fototra samihafa farafahakeliny** no hakana doria na dia tsy betsaka aza ny doria ilaina.
- Doria 200 g dia mahavita tany 1000 m², **fa mila afangaro tsara ny voa 2g azo tamin'ireo salohy amanjatony**.
- Maka voa amin'ny salohy 100isa izay tsara fa tsy voa azo tamin'ny salohy 10 soa indrindra no volena.



sary 1

© vomBrocke



sary 2

© B. Kounche